# TORITENY - ALAHADY faha-34 TSOTRA -TAONA D 2025



***"Lazaiko marina aminao fa anio dia hihaona amiko any am-paradisa ianao".***

Ry Kristianina havana, amin'izao Alahady faha-34 mandavantaona izao dia famaranana ny taona litorjika no ankalazan'ny Eglizy an'i Kristy Mpanjaka.

Fombantsika olombelona ny mifampiarahaba rehefa faran'ny taona satria nahavita namakivaky ny taona manontolo ary ity taona ity dia miavaka tokoa satria nosokafan'ny Papa François tamin'ny fetin'ny Fianakaviana Masina tamin'ny 27 desambra 2024 ny taon-jobilin'ny fanavotana masina ka faranana amin'ny fomba manokana amin'ny fetin'ny Fianakaviana Masina amin'ny 28 desambra ho avy izao. Azo lazaina izany fa efa misantatra izany famaranana izany amin'izao andro hamaranana ny taona litorjika izao.

> ***Vakiteny I :*** *2 Sam. 5, 1-3*
> ***Salamo :*** *Sal. 121*
> ***Vakiteny II :*** *Kôl. 1, 12-20*
> ***Evanjely :*** *Lk. 23, 35-43*

Ny tena mampiavaka manokana indrindra an'izao taon-jobilin'ny fanavotanaa izao dia ny fanirahana antsika ho Mpivahinin'ny Fanantenana mamafy hafaliana, fiadanana, fihavanana sady teo koa ny fanatanterahana ny Sinaody faha-7, Fijanonana faha-3 ka faly misaotra an'Andriamanitra àry isika fa afaka nanao pelerinajy noho ny nanomezan'ny Papa ny fahefana hampisy ny varavarana masina amin'ny toerana misy katedraly rehetra ary azo lazaina aza amin'ny toerana maro, fa ankoatry ny varavaran'ny katedraly dia napetraky Papa ho an'ny eveka tsirairay eran'ny diosezy ny fanolorana ho an'ny vahoaka an'izay varavarana masina izay mba hanambarana fa misokatra ho antsika ny lanitra sy ny famindrampon'Andriamanitra. Maromaro izay fanentanana mba handraisantsika ny indulgence plénière araka ny fepetra nilaina tamin'izany. Efa kely ny fotoana sisa ka tsara manararaotra isika. Ireto ny fepetra dimy : - ny pelerinajy na fivahinianana masina izany hoe miala amin'ny toeana misy antsika ka mamonjy ny varavarana masina, ny fitsaohana ny

sakramenta masina, ny sakramentan’ny fampihavanana amin’ny alalan’ny konfesy, ny fivavahana miaraka amin’ny Papa izany hoe ny “intention du Pape” - ny fankalazana ny Eokaristia.

Izany dingana dimy izany no nandraisantsika ny tsodrano mitafotafo sy ny indulgence plenière izany hoe ny famindrampon’Andriamanitra mitafotafo sy tsy misy fetra.
Tsy hoe magie izay na fanompoan-tsampy fa hanambarana ny fiombonana amin’izany famindrampon’Andriamanitra izany.

Raha mifampiarahaba isika amin’izao famaranana ny taona litorjika izao dia faly satria namakivaky ny taona masina isika, niatrika ny Sinaody ka tonga amin’izao fankalazana an’i Kristy Mpanjaka izao.

Miarahaba antsika olo araiky jiaby, ianareo fianakaviana jiaby, ianareo ao amin’ny ankohonam-piainan-drelijiozy, ianareo pretra rehetra sy ny eveka rehetra ary miarahaba koa an’ny Papa satria isaorana izy nanome an’izao hevitra lehibe izao dia ny Taona masina famindram-po. Miarahaba antsika na Kristianina na tsy Kristianina, androm-pahasoavana ho antsika izao ary anatin’ny fankalazantsika koa an’i Kristy Mpanjaka, izy tokoa anie hanjaka eo amin’ny fiainantsika.

Matetika izaho no mivolagana “tsy misy kisendrasendra eo amin’Andriamanitra fa ataony izao rehetra izao hahasoa an’izay tiany”. Samy tsy nieritreritra isika fa hametraka tantara ary hanampy amin’ny vavaka ny lakroa. Naorina eto amin’ny tanànantsika Antsiranana, eto anivon’ny tokontanin’ny Katedraly tokoa ny “LAKROA MANANA ENDRIK’IZAY MIJALY”. Azo lazaina fa fahatsiarovana ny COVID izay fijaliana lalina, krizy marolafy no nanosika ny artista nanorina ka nanome endrika manokana azy io. Tsy misy sarin’i Jesoa toa ny mahazatra fa “fehiloha tsilo”, sy “rano sy rà” mivoaka amin’ny anivoany. Ny teny noraisina mamintina azy dia ny hoe : “nibanjina ilay nolefonina izy ireo”....Fantatsika fa ny Lakroa tokoa no manambara ny fanavotana antsika nentin’i Kristy. Tsy manodoka tokoa ny fanantenantsika noho ny fandresen’i Kristy teo amin’ny hazofijaliana. Matoky isika fa noho fampihavanana vokatry ny fanavotana antsika dia ho lavitra ny herisetra, ny hetraketraka, ny ady, ny fanapotehana ny hafa.

Raha misy fon’Andriamanitra ao amintsika dia lavitra ny fitiavan-tena, ny avonavona sy ny fialonana fa hampanjaka ny marina sy ny hitsiny ka hiadam-pinaritra isika. Masina ny taona raha misy an’Andriamanitra ary na dia mamarana ny taona masina aza isika dia tsy midika hoe famaranana izao fankalazana izao fa dingana hirosoantsika amin’ny lalindalina kokoa; .

Raha atao amin’ny teny hafa izao famaranana ny taona litorjika izao dia maniraka antsika hampanjaka an’i Kristy eo amin’ny fiainantsika ka mampiditra antsika amin’ny fiainam-baovao....

Mpanjaka tokoa i Kristy, io no fampianarana tiako antitraterina androany mba hahafantarantsika ny iraka miandry antsika aorian'ny fankalazana ny taon-jobily ary indrindra hirosoantsika bebe kokoa amin’ny fivelomana ny sinaody. Mitodika aminareo Tanora manokana araka ny fantatrareo dia andron’ny Tanora ity andro ity araka ny nanoritan’i Papa François azy. Niriny tokoa mba hahay hampanjaka an’i Kristy eo amin’ny fiainana ianareo tanora. Tohizan’i Papa Léon faha-XIV izany ka tsy mahagaga raha naka lohahevitra hoe “Ary ianareo koa hijoro ho vavolombelona hanambara Ahy, satria miaraka amiko hatramin'ny voalohany ianareo .” (Jo 15,27). Aoka àry ianareo tanora hiaraka

amin’i Jesoa hatrany mba ho vavolombelona. Tanteraka izany raha raisinareo ny teny namaranan’i Papa io hafatra io : manoloana ny fijaliana sy ny fanantenan’izao tontolo izao, afantohy amin’i Jesoa ny fijerintsika. Rehefa hiala aina teo ambony hazofijaliana iny Izy no nanankina an’i Maria Virjiny an’i Joany mba ho Reniny ary izy (i Joany) mba ho zanany. Ho an’ny mpianatra tsirairay, ho antsika rehetra ity fanomezana faratampon’ny fitiavana ity. Koa manasa anareo aho mba handray io rohy masina miaraka amin’i Masina Maria, Reny feno fitiavana io,hahazo izay ambara aminy, ary fikolokoloana an’izany indrindra ny vavaka Raozery. Koa ho tsapantsika isaky ny trangam-piainana àry fa tsy irery na oviana na oviana isika, fa zanaka tiana mandrakariva, voavela ary ankaherezin’Andriamanitra. Mijoroa ho vavolombelona amin-kafaliana an’izany!

Ry Kristianina havana, ireo vakiteny aroson'ny Eglizy amintsika amin'izao andro fankalazana an'i Kristy Mpanjaka izao dia manambara amintsika ny tokony ho fiainantsika.

Ao amin'ny Evanjely (*Lk. 23, 35-43)* dia manambara araka ilay fiekem-pinoana nataon'ilay jiolahy izay tsy nety ny fiainany, nanao herisetra, nanapotika zavatra maro nefa niaiky izy fa Mpanjaka tokoa i Kristy ary nilaza hoe : "Tompo ô, tsarovy aho rehefa tonga amin'ny fanjakanao aho", fanambarana fibebahana tanteraka izany satria nisy jiolahy hafa koa teo akaikin'i Jesoa nilaza na ireo jody naneso hoe "Raha ianao no Mpanjaka, vonjeo ny tenanao sy izahay". Ilay jiolahy nibebaka kosa nilaza fa ny antsika dia rariny raha toa izao ny fiafarana satria fantany ny tsy mety nataony fa ny an'i Kristy kosa tsy mba nanao ratsy na oviana na oviana izy. Io fibebahana io dia noraisin'i Jesoa ary henontsika ny teniny manambara ny maha-Mpanjaka azy ka nilaza tamin'ilay jiolahy : " Lazaiko marina aminao fa anio ihany dia hihaona amiko any am-paradisa ianao".

Raha i Kristy no manjaka amintsika dia paradisa ny fiainantsika ary izany no irintsika mianakavy.
Raha mibebaka isika dia Andriamanitra no manjaka ao amintsika.

**Maninona ny fiainantsika no mikorontan-dava, hetraketraka lava** ?

Mbola tsy i Kristy no manjaka eo amin'ny fiaraha-monina misy antsika, na eo amin'ny fianakaviana na eo amintsika tsirairay. Marina fa maro ny Kristianina mitondra ny anaran'i Kristy nefa indrisy mbola tsy izy no mitondra ny fiainantsika sy manjaka ao amintsika. Koa izany indrindra ry Kristianina havana, raha mankalaza an'i Kristy Mpanjaka isika, mamarana an'izao taona masina izao dia tsarovy fa masina ny taona raha misy an'Andriamanitra, raha i Kristy no eo anivontsika. Raha miaraka aminy sy amin'ny alalany ary ao aminy no entintsika mivelona dia ho paradisa ny fiainantsika.

Izany koa ny nirin’ny vahoaka tamin'ny andron'ny Davida Mpanjaka ambaran'ny vakiteny voalohany boky Samoela (*2 Sam. 5, 1-3)*. Mbola hamafisiny sy ampianarin'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa (*Kôl. 1, 12-20*), mba ho fanjakana mazava ny fanjakantsika raha i Kristy no manjaka.
**Ahoana ary ny hampanjakantsika an'i Kristy eo amin'ny fiainantsika ?**

Isika manantanteraka ireo asa fiton'ny famindrampon'Andriamanitra araka ny fampianaran'i Papa Fransoa . Faniriko mafy dia mafy hoy izy ny andinihan'ny vahoaka Kristianina ireo asa ara-bàtana sy ara-panahy maneho ny famindrampon'Andriamanitra. Raha ireo asa ireo tokoa no tanterahintsika dia mampanjaka an'i Kristy isika. nefa fanjakana tsy araky ny fihevitr'izao tontolo izao izay ny herisetra no manjaka.

Manana fahefana tokoa i Kristy fa tsy mamoritra fa fahefana manafaka ary amin'ny alalan'ny famindram-po no anehoan'Andriamantira ny fahefany araky ny vavaka amin'ny Alahady faha-26 mandavantaona *"Ry olon'Andriamanitra, katsaho ny fahamarinana, ny fahazotoa-mivavaka, ny finoana, ny fitiavana, ny faharetana, ny fahalemem-panahy"*

**Inona ary ireo ary asa ara-bàtana maneho ny famindrampon'Andriamanitra ?**

- Ny manome hanina ireo mitofezaka ny hanoanana, manome sakafo ara-tsaina, ara-batana, maro ny noana amin'izao andro iainantsika izao. Raha manolotra sakafo mahavelona isika izany hoe miaina ao anatin'ny fahamarinana, fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny.
- Ny manome rano hosotroina an'izay mangetaheta : fantatsika fa maro ny mangetaheta fahamarinana, anjarantsika ny manome rano azy ireo. Raha manome rano isika dia mampanjaka an'i Kristy fahamarinana.
- Ny manafy an'izay mihanja tsy manan-kotafiana
- Ny mampiantrano ireo tsy manan-kialofana, mampiantrano vahiny
- Ny mitondra fanampiana ho an'ny marary
- Ny mitsidika ny voafonja
- Ny mandevina ny maty

Fanehoana fa manjaka ao amintsika tokoa i Kristy raha manatanteraka ireo asa ara-batana hanehoana ny famindrampon'Andriamanitra ireo.

**Misy ihany koa ny asa ara-panahy atao ho fanehoana ny famindrampon'Andriamanitra**

- Ny manilon-tsaina an'ireo izay mbola misalasala
- Ny manala alahelo ny tra-pahoriana
- Ny mamela hadisoana ho an'ny hafa,
- Ny mizaka am-paharetana izay mahadikidiy anao
- Ny mangataka amin'Andriamanitra ho an'ny velona sy ny maty

Nanampy koa i Papa fa fanehoan'ny famindrampon'Andriamanitra ny hivavahana sy hikolokoloana ny tranobe iombonana, ny zava-boary, ny tontolo iainana fa indrindra ny volana septambra, volana atokana ho an'ny Zavaboary.

Ireo ny asan'ny famindram-po, manambara fa mampanjaka an'i Kristy isika raha miaiky fa diso satria nanapotika an'ity trano iombonana ity ka miezaka ny mikolokolo azy; mamafy fanantenana.

Ny manatanteraka ny asa fambolen-kazo ary miezaka ny tsy hanapotika an'izany, na mitevy ala na manapaka ny hazo tsy ara-drariny, dia anisan'ny manambara ny fampanjakana an'i Kristy satria natao hanjaka amin'ity tranobe iombonana ity isika rehetra.

Ny iraka nataon'Andriamanitra amintsika ao amin'ny Jenezy dia ny mba hanjakantsika amin'ity tany ity ka ny fanjakana dia tsy amin'ny alalan'ny hevitr'izao tontolo izao fa ny hevitr'i KRISTY, izany hoe fanompoana, tsy sampy fa fanompoana manao ny asa famindram-po, mikarakara sy mikolokolo. Izay no famintinana ireo asa ara-batana fito sy ara-panahy fito izay maneho ny famindrampon'Andriamanitra ka mampanjaka an'i Kristy eo amin'ny fiainantsika.

Amin'izao famaranana ny taona litorjika izao izay manakaiky ny famaranana ny taon-jobily ary amin'izao andron'ny tanora ary indrindra fanirahana antsika nahavita ny Sinaody faha-7 fijanonana faha 3 izao dia hifampiarahaba isika no hifampirary soa ka ny tena sarobidy dia ny hanohizantsika hampanjaka an'i Kristy ao am-pontsika ao. Raha i Kristy no manjaka ao anatintsika tsirairay avy, ao anatin'ny fianakaviana Eglizy kely, eo anivon'ny fiaraha-monina, eo anivon'ny sekoly, eo amin'ny toerana fiasantsika sy ny toerana fialam-boly, raha i Kristy no manjaka eo amin'ny fiainantsika izany hoe mampitraotra ny finoana sy ny finoana andavanandro isika dia hiova tokoa ny fiainantsika ka anio ihany araka ny voalazan'i Jesoa tamin'ilay jiolahy nibebaka no hiarahantsika aminy any am-paradisa.

Anio ihany tokoa ry Kristianina havana dia paradisa ny fiainantsika, ny eo anivon'ny fiaraha-monina misy antsika, ny eo amin'ny sekoly, ny toeram-piasana, ny eo amin'ny Eglizy iraka, Eglizy fiombonana, Eglizy fototra ary na dia ny fialambolintsika aza zary lasa paradisa satria mifampitsimbina, mifanasoa, mikatsaka ny soa imbonana ka manorina rafitra hahitantsika tena fivelarana marina satria i Kristy no Manjaka, Izy no Mpanjakantsika. Masina Maria tsy niala teo am-pototry ny hazofijaliana ianao. Ampio izahay hifikitra amin'i Jesoa na amin'ny sarotra na amin'ny mora. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglizy tohano ny ezaka ataon'ny fianakaviana Eglizy kely hampanjaka an'i Jesoa eo amin'ny fiainana andavanandro... Amen